# Pety sy Rabemanantsoa J. W.
# Nodakan'ny HCC ambavafo 2


NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 16 aogositra 2018 Laharana 802 Vidiny : 400 Ar

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Fampianarana teknika ... 7**

## Hanatanteraka fanadinam-panjakana voalohany anio sy rahampitso

**Filoha Marc Ravalomanana 2**

# Amin'ny herinandro no handrotsaka ny dosie-ny



**HCC Ambohidahy 5**

# Fantaro ireo kandidà 12 efa nandrotsaka dosie



**ADY LOVAN'NY MPIANAKAVY 6**

## Niafara tamin'ny ain'ilay zafikeliny



**Amboaran'ny Ben'ny tanàna (CUA) 3**

## Ny alahady izao indray ny ½-dalana ho an'ireo ekipa amin'ny boaty

**Farafangana 6**

## Mila vonjy maika fa tsy voahaja ny zon'olombelona

**Kolontsaina 6**

## Hilalao sarimihetsika ihany koa i Poopy

**Daka kely**

Hay olona efa voasazy tamin'ilay 109 daholo ny akaman'ialahy ry Boaikely a !

**EKAR Katedraly Andohalo 2**

## Endrik'Antananarivo ny sarivongan'i Masina Maria



VEHIVAVY TIM

## Nanao atrikasa ampitomboina ny traikefa niaraka tamin'ny EISA

Nanatrika fiofanana nandritra ny 2 andro tao amin'ny Hotel Le Louvre Antaninarenina, ampitomboina ny traikefan'ny vehivavy ao anatin'ny antoko politika ny vehivavy Tiako i Madagasikara (TIM); ka ny EISA Institut Electoral le renforcement de la démocratie en Afrique no nampiofana tamin'izany . Mila mandray andraikitra amin'ny lafiny politika ny vehivavy hoy ny EISA indrindra amin'ny lafiny fifidianana. Tsy voatery ho filam-baniny sy fiadiana fotsiny anefa izany fa tena fandraisana andraikitra mihintsy na dia mbola maro aza ny olana hatrehin'ny vehivavy eto Madagasikara . Ny solontenan'ny vehivavy TIM, Voizy Blandine, depiote teo aloha avy any Toamasina dia nilaza ho afapo tamin'ny fiofanana , ka nisaorany ny EISA sy ny vehivavy parlemantera Tiako i Madagasikara angady nananana izao fampitomboana traikefan'izy ireo izao. Tsy natao handalo fotsiny izao hoy Voizy Blandine fa ho entinay any amin'ny sehatry ny politika izay tantaninay tsirairay avy ny zavatra henonay teto . Hita fa navitrika ary tafita taty aminay mpiofana hoy izy ny fahaizana azonay teto , ka ho entinay any amin'ny namanay izany. Nampahafantarina nandritra ny fiofanana teto hoy izy ny toetra tokony hisokafana amin'ny manodidina , ny vehivavy mantsy matoa nofidiana dia manana ny mampiavaka azy , eo ny toetra mavitrika, eo ny fananana paikady entina mandresy lahatra olona . Farany , hita fa vitsy ny vehivavy no tafiditra ao anatin'ny andrimpanjakàna , koa nezahan'ny EISA nazavaina taminay hoy ny depiote teo aloha Blandine fa mila manana fahasahiana amin'ny fampandrosoana ny firenena ny vehivavy .

***Helisoa***

EKAR Katedraly Andohalo

## Endrik'Antananarivo ny sarivongan'i Masina Maria



Fotoandehibe roa sosona ho an'ny mpino katolika tao amin'ny EKAR Katedraly Andohalo ny andro omaly alarobia. Teo ny fahatsiarovana ny nampiakarana an'i Masina Maria Renin'Andriamanitra tany an-danitra izay niarahan'ny mpino manerana an'izao tontolo izao nanamarika ; teo ihany koa ny nitokanana ny sarivongan'i Masina Maria mirefy 13 m ny hahavony. Arak' izany , fotoambavaka lehibe izay notarihin'ny Arsevekan'Antananarivo, Mgr Odon Marie Arsène Razanakolona no notanterahana tamin'izany. Olo-manan-kaja maro no nanatrika ny fotoambavaka, ka isan'izany ny ben'ny tanànan'Antananarivo Lalao Ravalomanana , ny Filohampirenena Hery Rajaoarimampianina mivady , ny Praiminisitra Ntsay Christian sy ny mambra ny governemanta miaraka aminy ary ireo mpino katolika marobe. Zavadehibe ho an'ny tanànan'Antananarivo hoy ny ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana ny fisian'ny sarin'i Masina Maria eto amin' ny tanànan'Antananarivo toy izao ety Andohalo, mampitombo ny finoana hoy izy ny zavatra toy izao , koa mino sy matoky aho hoy i Neny fa hifanome tanana , hiray hina ny Malagasy , ka hifamela heloka avokoa . Ankoatra izay , haingon'ny tanàna ihany koa ny sary lehibe toy izao ka mila kojakojaina hatrany mba ho lovain'ny taranaka faramandimby.

***Helisoa***

Jeune TIM Analamanga


## Miantso ny Filoha Marc Ravalomanana hirotsaka hofidiana

Manoloana ny tsaho misy manely, ka mety mampiroaroa saina ny olona sasany hoe : hirotsaka sa tsy hirotsaka hofidi-ana ny Filoha Marc Ravalomanana ? Miantso ny filoha nasionalin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), hirotsaka hofidiana ny tanora TIM Analamanga na ny Jeune TIM Analamangay. Izany hoy izy ireo dia noho ny zava-bitan'ny Filoha Marc Ravalomanana teto amin' ny firenena hatramin' izay, sy ny feo avy any amin'ny vahoaka maro dia miantso ny Filoha Marc Ravalomanana-na hirotsaka ho kandidà Filohampirenena ny Jeu-ne TIM na ny Tanora TIM amin'ny faritra Analamanga araka ny fanazavana nataon'ny Filohan'ny Jeune TIM Analamanga Heriniaina Razafindrakoto, raha tafaresaka fohy tamin'ny mpanao gazetin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao izy. Mikasika an'izay, efa nanamafy ny depiote Me Hanitra Razafimanantsoa teny Anosiavaratra Avaradrano ny faran'ny herinandro teo fa hirotsaka hofidiana i Dada ary efa vonona ny dosie-ny ho amin'izany fifidianana Filohampirenena amin'ny 7 novambra ho avy izao izany.

***Isambilo***

Pety sy Rabemanantsoa J. W.

## Nodakan'ny HCC ambavafo



*Ny biraon'ny HCC etsy Ambohidahy.*

Nodakan'ny HCC na ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana ambavafo, izay no azo ilazana ny fitoriana nataon'i Pety Rakotoniaina sy ny HFI (Hetsika Fanorenana Ifotony), sy ny nataon'i Rabemanantsoa Jeannot Williams. Nolavin'ny HCC avokoa mantsy ny fitoriana nataon' izy ireo. Ho an'i Rabemanantsoa Jeannot Williams dia fanafoanana ny fifidianana no nangatahany noho ny tsy fahafenoan'ny fepetra hanatanterahana ny fifidianana ho avy eto amintsi- ka io. Nambaran'ny HCC fa tsy azo raisina ny fitoriana, nambaran'ireo mpitsara avo etsy Ambohidahy fa ny filohana andrimpanjakana ny ny vondrom-bahoakam-paritra ihany no mahazo mitory toy ny nataony. Ho an'ny fitoriana nataon'i Pety Rakotoniaina sy ny HFI indray dia fitoriana ny filohan'ny mpanongampanjakana Andry Rajoelina, noho ny tsy mampazava ny loharanombolany no anisan'ny nitorian'izy ireo azy. Tsy azo raisina iha-ny koa ny fitoriana hoy ny HCC satria araka ny nambarany teo aloha ihany, ny filohana andrimpanjakana, na ny vondrom-bahoakam-paritra ihany no afaka manao ny fitoriana toy izay napetraka. Raha ny fahitan'ny mpanarabaovao izao fanapahankevitra noraisin'ny HCC izao dia mampiseho fa tsy miraharaha ny olontsotra sy ny vahoaka ity andrim-panjakana ity, ny vahoaka anefa no tompon'ny fahefana, ka mitsipa-doha laka-nitana izany ny etsy Ambohidahy hoy ny maro. Izany dia mampitombina ny ahiahin'ny maro amin'ity HCC ity, izay hita fa miandany tanteraka, tsy mampihàtra ny lalàna tokony hihàtra.

***Isambilo***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Filoha Marc Ravalomanana : amin'ny herinandro no handrotsaka ny dosie-ny

Andro vitsy sisa dia hifarana ny fanaterana ny antotan-taratasy firotsahana ho fidiana filohampirenena eny amin'ny fitsaràna avo momba ny lalampanorenana: HCC. Raha ny tatitra navoakan'ny tranokalam-pifandraisan'ity andrim-panjakàna ity dia mbola 12 ihany ireo kandida no nanatitra ny antotan-taratasiny hatramin'ny omaly. Ny mahagaga dia marobe ireo nilaza ho kandida , nefa hatramin'izao mbola tsy hita ihany izy ireo. Ny filoha nasionalin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), Marc Ravalomanana dia mazava ny nambarany fa aorian'ny faha-18 AOGOSITRA izy vao hanatitra ny taratasy firotsahany ho fidiana, izany hoe na ny alatsinainy 20 aogositra na ny talata 21 aogositra izy no hametraka izay dosie firotsahany ho Filohampirenena izay, fa ny sasany mbola tsy hita tabilao hatramin'izao . Koa mipetraka eto ny fanontaniana don-tandroka ve no betsaka ataon'ireo miseho azy hilatsaka ho fidiana , sa miandry ny fotoana farany vao hirodorodo? Maro koa aloha no mbola miahiahy fa tsy mbola tena tomombana ny fanatanterahana ity fifidianana ity . Mbola baraingo ny hoe hanome vola ihany ve ireo mpamatsy vola an'i Madagasikara amin'ity fifidianana ity ? ka izay angamba no mbola mampalaindaina ny sasany .

***Helisoa***

Faradofay

## Fifidianana eken'ny rehetra no tanjona hoy ny Praiministra Ntsay



*Ny Praiministra Ntsay Christian.*

Tamin'ny fandalovan'ingahy Praiministra Ntsay Christian tany Faradofay no nilazany tamin'ireo tomponandraikitra isan-tsokajiny, fa mijery antsika malagasy izao tontolo izao. Hiatrika fifidianana ho filohampirenena isika atsy ho atsy hoy izy. Fifidianana madio sy mangaraharaha eken ny daholobe no tanjona. Fifidianana hanjakan'ny fandriampahalemana. Samy tomponandraikitra ny rehetra ka tokony hosarotiny amin'ny safidiny. Anisan'ny nivoitra ireo nandritra ny fihaonan'ny Praiministra Ntsay Christian tamin'ny tomponandraikitra arapanjakana tao an-drenivohitra Anôsy ny alatsinainy teo. Amin'izao fivahinianany voalohany any Fort Dauphin izao. Nohamafisiny ireo nandritra ny fihaonana in-2 miantaona tamin'ny lehiben'ny sampandraharaham-panjakana, ny CENI, ny olona tsotra. Tokony ho samy hanao ny asany ny rehetra satria adidy sy andraikitra iaraha-manana no atrehina. Nanafatrafatra ny Praiministra fa tsy maintsy hajaina ny fepetra ary vokatra eken'ny rehetra no tanjona. Samy nandalovan'ny Praiministra avokoa ny tao Anôsy sy Androy, nanomezany toromarika ny tomponandraikitry ny CENI. Niaradia tamin'ny Praiministra ny ministry ny fiarovana sy ny ministry ny tontolo iainana.

***Mangarahara***

Ny Valosoa sy hadihady

## Tontolon'ny fifidianana, tsy atokisana ny HCC satria miandany

Misafotofoto ny toe-daharaha momba ny fifidianana amin'izao fotoana izao satria misy ny manakiana fa tsy mbola lavorary ny fanomanana. Etsy an-kilany koa dia eo ireo manao hetsika fa tsy maintsy hatao aloha ny fanarenana ifotony (refondation) hanafoanana ny fahalovana isan'ambaratongampitantanana. Tsy mahasakana ny fametrahana ny antontan-taratasy filatsahan-kofidiana eny amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana kosa anefa izany ho an'ireo kandidà efa vonona hiatrika fitsarambahoaka. Samy manana ny sehatra manavanana azy avy ireto kandidà ireto ka ao ny mpahay fiaraha-monina, ny mpitsabo, mpanakanto mirona amin'ny politika (artiste engagé), ny demokraty liberaly, ny mpanongam-panjakana niova ho tia ny rahalahiny tahaka ny tenany, ny mpitondra fivavahana « apokaliptika », efa nahatratra 10 ny isan'ny nandrotsaka ny dosie omaly satria niampy ny kandidà Sarah Rabearisoa, ny kandidà Solo Norbert Andriamorasata ary Jean Jacques Ratsietiso… Toa mitovy anefa ny tanjona dia ny hanavotra ity Firenena ity ary hampivoatra ny faripiainanan'ny Malagasy mba tsy hianjadian'ny fahantrana, tsy hanaiky ny fanjakazakan'ny vahiny amin'ny fitrandrahana ny harem-pirenena, ny famongorana hatramin'ny fotony ny kolikoly ary ny famerenana ny fahalemana eo anivon'ny fiarahamo- nina. Toy ny mahazatra ny gasy anefa dia azo lazaina fa tsy ho vitsy ireo miandry ny fotoana farany vao hanatitra ny azy sady mbola misy andro vitsivitsy vao ho tapitra ny fepotoana. Na dia toa efa mizotra sady tsy hay tohaina ho any amin'ny fifidianana aza ny sehatra sy rafitra misahana izany dia mbola mitoetra sy mahazo vahana ny ahiahy, ny tsy fitoviam-pijery sy ny tsy fifampitokisana ary ny fifanenjehana. Hatramin'izao dia mihevitra ny politisiana fa tsy voarafitra araka ny tokony ho izy ny lisitry ny mpifidy navoakan'ny Voamieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana (CENI). Ankoatr'izany dia nitombo izay tsy izy ny birao fandatsaham-bato izay tsy fantatra mazava ny masontsivana namoronana azy ireo. Tsy mamparisika ny olompirenena manana zo hifidy loatra ihany koa ny fanamarinana na ao anaty lisitra izy na tsia satria maro no mihevitra fa na iza na iza lany eo dia tsy azony antoka fa hampivoatra ny fari-piainany izany. Tsy mahatoky ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana eo amin'ny famoahana ny voka-pifidianana satria ny didy rehetra navoakany momba ny fandikan-dalàna nataon'ny mpitondra dia tsy misy mitaratra ny fahamarinana fa niandany hatrany. Namoaka didy ihany koa ity rafitra ity fa tsy mahazo mandray anjara amin'ny fampielezan-kevitra ny minisitra mpikambana ao amin'ny governemanta kanefa toa tsy nisy fepetra noraisiny ho an'ireo tsy nampihàtra ny lalàna maan-kery aloha hatramin'izao. Ny governemanta najoro hanatanteraka sy hahatomombana ny fifidianana dia tsy hita taratra loatra ny fandraisana andraikitra mifanandrify amin'izany ankoatry ny fanovana ny takelaky ny fiaram-panjakana ho mena. Mety ho marina fa tsy misy lalàna mandrara ny fampielezan-kevitra mialohan'ny fotoana fa ny fanentanana hoe : « fidio Ra… » no tsy azo atao kanefa kosa ny hetsika ataon'ny kandidà efa nandrotsaka ny antontan-taratasiny na izay azo antoka fa hanao izany dia manambara (implicitement) io fehezan-teny io na tsy voatonona aza izany. Ny fanombohana ny fanamboaran-dàlana ka nampideran-dRajoelina Andry ny fahaizany mitondra fitaovana vaventy natokana ho amin'izany tany Antsirabe dia efa miantso ny mponina ho amin'izany. Torak'izany koa Rajaonarimampianina Hery tao Mahitsy. Miteraka ahiahy ihany koa ny tsy fitoniana ara-politika eto satria ny tokony hataon'ny kandidà dia ny mandresy lahatra ny mpifidy hanaraka ny programam-pampandrosoana arosony ka hifidy azy fa tsy hanenjika na hanaratsy na hanambany na hamingavinga ny mpifaninana aminy. Misy amin'ireo kandidà aza sahy milaza fa izay mpitondra teo aloha nahatonga korontana teto amin'ny Firenena dia tokony hamoahan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana didy fanafoanana ny firotsahany. Tokony hanana ilay toe- tsaina manavaka tsara (esprit de discernement) satria misy korontana novolena noho ny fankahalana tsotra izao. Nisy koa ny korontana ho fanoherana ny rafitra sy fomba fitondrana ny firenena. Teo koa ny hetsika tsotra noho ny fiarovana ny safidy izay vohitsakitsaka ary efa nisy koa ny fanakorontanana nateraky ny famoretana ny mpitaky ny zony ara-drariny sy hitsiny. Araka izany dia tsy azo ampitoviana sy ampifandraisina ny « korontana » rehetra nitranga teto Madagasikara tamin'ny taona 1972, 1991, 2002 sy 2009. Sasanangy samy hafa ireo ary antony hafa indray koa raha sanatria ka hisy indray ny korontana hateraky ny fifidianana kasaina hatao amin'ity taona 2018 ity.

***Andry Tsiavalona***

Raniry any Mahajanga

## Fandriampahalemana aloha vao fifidianana

Mitondra ny fanehoan-keviny momba ny raharaham-pirenena indray Raniry, mpanoratra sady mpanakanto any Mahajanga. Tsy sasatra ny tena miantso hoy izy na dia toy ny antso atao any an'efitra ihany aza fa efa tena tsy rariny intsony ny zava-misy iainana eto Madagasikara ankehitriny. Ny Governemanta amin'izao fotoana izao moa dia tsy misy afatsy ny hanatontosa ny fifidianana ihany no iraka nametrahan'ny vondrona iraisampirenena azy. Ny fifidianana ihany, ny fifidianana hatrany na dia hita izao aza fa misy lafin-javatra maro tokony halamina sy atao vaindohan-draharaha tsy maintsy imasoana aloha. Tsy inona no tian-kambara eto fa ity tsy fandriampahalemana miseho lany manerana ny Nosy ity. Sendra mba nihazo an'iny lalam-pirenena fahaefatra iny ny tena tamin'iny faran'ny herinandro teo iny fa tena tsy rariny intsony ny zava-niseho. Aiza ve ka fiara efa mitandahatra maro manao lahara-manjohy no mbola voatafiky ny mpanakan-dalana ihany! Dia sanatria ve toy ireny tany tsy misy fanjakana ireny isika ankehitriny? Dia tena tsy mahita vahaolana amin'io tokoa ve ny fanjakana? Toa ny dahalo sy ny olon-dratsy indray ity no mampitahotra sy mampihorohoro ary miedinedina eran'ny tanàna? Any amin'iny faritra Madirovalo iny dia efa tsy mahasahy mandeha samirery intsony ny fokonolona fa tsy maintsy manao andiany maro raha sendra mba misy dia tsy maintsy haleha. Izany anefa toa tsy mahasakana an'ireo dahalo akory fa vao herinandro lasa izay dia fokonolona efa nanao andiany no mbola notafihany ka maro no namoy ny ainy mihitsy tamin'izany vokatry ny fifandonana sy ny fifanoherana nisy. Amin'izao ora anoratana izao dia mbola misy rahalahy voatery miafina any anaty ala any, tsy hay intsony na maty na velona, vokatry ny hafitsok'ireo dahalo mpampihorohoro. Zary mandry andriran'antsy ny fokonolona, toa tsy mba azo ianteherana akory ny mpitandro ny filaminana izay lazaina sy ambara ombieny ombieny fa tandroka hiaro ny vozona; hiaro ny vahoaka sy ny fananany… Manao andiany maro ireo dahalo, efapolo lahy farafahakeliny. Any amin'iny faritr'i Tsaratanàna iny aza, dia voalaza fa aman-jatony mihitsy ireo dahalo manao andiany. Vatan-dehilahy avy aiza daholo ireny? Tsy efa fokonolona amina tanàna maromaro mitambatra ve izany? Ny hahafantarana azy dia andiandehilahy maromaro tsy ahitana tamingana vehivavy na dia iray aza, mody mitondra vatam-paty toy ireny andian' olona handeha handevina ireny. Tena manjakazaka ny dahalo e! Tsy matahotra fanjakana intsony! Ny governemanta moa fifidianana ihany no iraka ampanaovina azy ka izany angamba no tsy ahitany vahaolana amin'io resaka tsy fandriampahalemana io. Firy ny vata-miaramila sy ny isan 'ireo mpitandro filaminana eto amintsika? Nahoana no tsy ampiasaina sy hetsehina izy ireny mba hamongotra ao anaty fotoana fohy io tsy fandriampahalemana manerana ny Nosy io? Raha sanatria ka tsy vitan'ny tafika Malagasy intsony izany dia nahoana no tsy miantso vonjy any amin'ny tafika iraisam-pirenena? Tena efa tsy eran'ny aina intsony anie ny tsy fandriampahalemana eto amintsika e! Mora ny mitantara azy fa ny fiainana an'izany tena mampitaintaina sy mampihorohoro fatratra tokoa. Aiza moa no hisy fampandrosoana ho vanona amin'izany? Amin'izao efa manomboka ho lany ny omby dia ny olona indray no ataony takalon'aina. Raha toa ka tena tsy mahita vahaolana intsony ny fanjakana ankehitriny dia mitodika amintsika vahoaka ny tenako. Samia mandray lesona amin'izao zava-misy iainantsika ankehitriny izao. Marina fa misy amin'ireo kandida hilatsaka hofidiana no hamono vorona sy hamono lolo ary hanobaka vola tsy toko tsy forohana saingy diniho sy hevero tsara ihany izay hofidiana. Niaraha-nahita fa nanomboka tamin'ny tetezamiitatra no mankaty no mampirongatra mafy an'izao tsy fandriampahalemana izao. Tamin'ny andron'i Dada dia azo ambara fa tena nandry fahalemana ny tany. Tsaroantsika tsara ny tantaran'i Remenabila sy i Tokanono tamin'ny andron'ny tetezamiitatra. I Dada Marc RAVALOMANANA ihany no azo antoka fa mahavita manafoana haingana an'io tsy fandriampahalemana io satria efa hita ny nataony momba an'izany. Olona tena hentitra sy tena matotra amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra i Dada. Tsaroantsika tsara fa na dia be galona sy be voninahitra ary tapi-pahaizana aza dia tsy nahamena-maso an'i Dada mihitsy rehefa nanao ny tsy mety. Koa atambaro àry ny hery, ndeha hiara-kanohana an'i Dada Marc RAVALOMANANA isika rehetra mba hamongorana izao tsy fandriampahalemana efa tena tsy zaka intsony izao. Atambaro ny hery fa izay mitambatra vato, izay misaraka fasika; ny firaisan-kina no hery. Ny tonga miaraka, hoy i Dada, fanombohana fa ny miasa miaraka no fahombiazana.

***Nangonin'Isambilo***

**Amboaran'ny Ben'ny tanàna (CUA)**

## Ny alahady izao indray ny ½-dalana ho an'ireo ekipa amin'ny boaty

Tontosa ny alahady teo tetsy amin'ny kianjaben'i Mahamasina ireo lalao ankatoky ny famaranana amin'ny fiadiana ny Amboaran'ny ben'ny Tanàna eo amin'ny taranjam-panatanjahantena rugby teo amin'ny sokajy A sy sokajy B. Hiatrika ny famaranana eo amin'ny sokajy A ny 26 aogositra ho avy izao etsy Mahamasina ny JSTAmbondrona sy ny Matadore-Anosipatrana. Hiatrika ny famaranana sokajy B kosa ny alahady 26 aogositra ho avy izao: ny TFM Ankasina sy ny XV Family Manarintsoa. Ny alahady 19 aogositra ho avy izao kosa ny lalao ankatoky ny famaranana amin'ireo ekipa avy amin'ny boaty na ireo orinasa. Ny alahady 26 aogositra avokoa arak'izany ireo famaranana, hisy koa amin'izany ny fidiana amboara ho an'ireo ekipa mpilalao baolina lavalava vehivavy. Ny amboara ho zarain'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana amin'io famaranana io dia tena ho an'ny ekipa mpandresy.

***Isambilo***

Jeune TIM Boriboritany VI

## Hanome cours maimaimpoana ireo mbola hanala fanadinana

Manoloana ireo fanadinam-panjakana mbola hatao eto amintsika dia ny BEPC sy ny Baccalauréat, hanome cours maimaimpoana hiatrika izany ny Jeune TIM na ny tanora TIM ao amin'ny Boriboritany faha-6 eto Antananarivo Renivohitra. Araka ny fanazava nataon'ny mpandrindra lefitry ny Jeune TIM Analamanga, izay sady mpanolotsainan'ny tanànan'Antananarivo, Lalaina Rabezanahary, natao izao fanampiana ny mpianatra izao satria maro ireo fiatoana teo amin'ny fampianarana tamin'ity taona ity, noho ny fialan-tsasatry ny pesta, teo koa ny fitokonan'ireo mpampianatra, izay mbola mitaky ny zony hatramin'izao. Ny mpianatra amin'ny sekolim-panjakana no iantefan'izao cours maimaimpoana izao hoy izy, nefa raha mbola misy te-hanatevina ny fahalalany koa ireo mpianatra avy amin'ny sekoly tsy miankina dia ho raisin'ny mpikarakara an-tanan-droa koa. Eny amin'ny Lycée Privée Les Rossignols Ambohimanarina no hanaovana izany fampianarana maimaimpoana izany, hanomboka ny herinandro ho avy io.

***Isambilo***

*TONONKALO*

### HO ANAREO MPANONGAM-PANJAKANA MIKASA NY MBOLA HIROTSAKA

Eny ho`aho ry ilay mitafy akanjo tena tsara zaitra,
Ka manandratra ny "rindra iavian`ilay hoe raitra" !
Raha mijery anao `zahay dia tena tsara sy bogosy,
Saingy sao dia seho ivelany , tsy "jokera" fa hay "fosy" ?

Tena mbola ifandovana ve `reo fomba amam-panao,
Ka samy indreo mifampidera ianao sy ny hery vaovao ?
Manampy izany i boaikely , samy te hanindrahindra,
Ka dia tena ifandroritana ny fisandratana mirindra ?

Irony resaka an-databatra , izany ve no mahamaika,
Fa ny fahoriam-bahoaka zary toa tsy mampiraika ?
Leo `zahay ry tia miventy rindra , raitra , fisandratana,
Asa vita no asehoy fa tsy ny boky be soratana.

Tsy ny doka sy evotrevotra , tsy izany no itsarana,
Ry olon`ny tetezamita , ry mpanongam-panjakana.
Ny nataonareo omaly dia efa ampy ilazana
Fa tsy mendrika anareo ny handray ny tsipika fiaingàna.

***DADAN`i ZINA ( 14-08-18)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

**Ireo vehivavy TIM niofana mikasika ny fampitomboina ny traikefan'ny vehivavy amin'ny politika tao amin'ny Hotel Louvre Antaninarenina**

















## NY TENY FIAINANA

*Ohabolana 25:24*

*Aleo mitoetra eo an-joron'ny tampon-trano, toy izay miray trano amin'ny vehivavy tia ady.*

## facebook NY VALOSOA

## Mbola manina ny tongolon'i Egypta ireo mpanongam-panjakana, hanohana an-dRajoelina hono!



**Arp Helisoa:** mbola manina ny tongolon'i Egypta ny mpanongam-panjakana, hanohana an'i Andry Rajoelina hono izy ireo!

**Nirina Harimanga :** MMMMMMM ! mbola mikasa hamotika sy handoro firenena indray izany!

**Rado Rafalimanana Andriamanohisoa :** D hadalany izay hifidy an'i ANR fa ry goaika s tsy mitaingina soavaly maty aby reo amin'ny sary ireo: Ratsirahonana, Hajo, Lalatiana, …

**L'Joyce Andria :** Tompo o! Vonjeo ny firenenay......misy tsy menatra mhts.....pffff ireto mpanao politika mpanimba firenena ireto.

**Lova Rakotonirina :** reto le natambatry ny vola sy ny fitiavan-kely @ fandrobana tanindrazana. Hahahahaha !!

**Rv Kely :** kkkkk, tena ireo mpandroba, mpandoro ary mpanimba firenena, tsy hisy ho voafitak'ireo intsony.

**Voahangy Rasoanaivo :** ndrô reto izy, mbola mitady hamotika firenena indray ve?

**Raharisoa Maminiaina Julie :** ilay faharoa fotsy volo io kosa aloha efa tsy "recyclable" intsony e! Nisy azy daholo ny régime rehetra dia tsy dia mankaiza!

**Voahangy Rasoanaivo :** izany hono no faiseur de roi, ary toa hoe ry zareo avy eny ... no taranaka mpanao izany. Asa aloha fa zaho vahiny ê !!

**Donato Ranjakamalala :** zao le Tanora malaGasy aminy, efa antitra mpanapotika firenena.

**Voahangy Rasoanaivo :** gaga amin' ilay iray tsy nirotsaka intsony, angamba tsy nety nanome vola azy intsony "reo fianakaviany" fa mpanakarenabe dôly ry zareo araka ny filazany tamin'ny fifidianana farany iny.

**Tracy Naza Raminoarijaona :** de gag enw!!! Faly ery ry marary isany fa mitombo ony ny mpanohana azy, kay izy mianakavy iany! De mbola tsy vita akory ny investiture rah tahiny lany @ halabato sy ny hafetsifetsena maloto ao reo de sazy no hitsena ny Gasy kely.

**Andrianjavao Razanajatovo :** ireo ndray ry mpampandoro firenena, mpanongam-panjakana, anisan'ireo 109 voasazin'ny fianakaviambe iraisam-pirenena.

**Tiana Sembic :** le antitra efa kely saina reo efa harafesina ny atidohany ndrindra fa dr Robinson tena tsy lelah, sarimbavy, le lalatina lelan' omby, ry voasazin'ny Communauté Internationale ireo.

**Solohery Max Razafindramila :** aleoko ndray rajao kle, reto ilay very seza mpanongam-panjakana, mpamotika firenena, nampidi-kizo antsika nandritra izay 9 taona izay.

**Eddy Andrianasolo :** ireto ilay efa voaporofo fa nampidi-kizo sy namitaka firenena.

**Randriamampianina Tahinjanahary :** vakina fotsiny hoy ny tanora izay, ry mpiara-misaosy sy namotika firenena tamin'ny tetezamitatra.

**Ra Luc Olivier:** in mahagaga am reo e? ireo no namotika ny firenena tamin'ny tetezamita, mitohy hatramin'izao.

**Ra Luc Olivier :** ny ten mahagaga de le trondro gasy nivadika foza ty!

**Andriamah Yve Heros :** MAMPITEH HITORAKA LE TSY VALAHARA FANETRIBEN'NY FIRENENA IREO !

**Ny Aiko Andraina Tsaratia :** miantehitra amin'ny hazo boboka Rajoelina, miantehitra amin'ireo, tsy misy mahazaka olona daholo.

**Benja H. Andrianasolo :** Ireo hafa ireo aloha efa tsy mahagaga e ! Fa ny tena mahasosotra sy mahatsiravina dia ny tena izao anisan'ny nanohana ilay vendrana iry @ sisiny iry ! Hay tena tarondro tsy mena mivadika !!

**Marie Léa Rajaonarison :** Ry zareo mpanao politique fotsiny ireo e fa tsy isika vahoaka, tsy misy mahazaka vahoaka ireo. Tena mahatsiravina na ny mijery an'ireo ary.

**Betiana Joanebetiana :** inona indray ity andriamatoa Robinson a tena henjana ianareo mpanao politika ireto a, mihevitra ny gasy ho dondrona mintsy, tsy misy ho voafitakareo intsony.

**Fidèle Razara Pierre :** taloha nisy niteny oe alliance contre nature ilay Pr Zafy nankany amn Magro, de ty zany alliance Voany Gasy ..

**Maminiaina Andriamizaho :** asakasak'izay mbol minia tsy mijery foana, fa na mijery azy ireto aza mampme, tsy hisy ho voafitak'ireo intsony, ka hampandresy mpanongam-panjakana izany.

**Tahina ©i© :** LOZA B,. Io b volombava Bé , mpivarotra saka b loha io ndray lay .... Tsy misy fepetra fa tonga dia tsy mifidy azy sy ny olona tohanany dia Rajoelina za.

### HCC Ambohidahy

# Fantaro ireo kandidà 12 efa nandrotsaka dosie

***Hatramin'ny omaly tolakandro, miisa 12 ireo kandidà efa nandrotsaka ny dosie-ny tetsy amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana Ambohidahy, ireto avy izy ireo, ny daty nanateriny ny antontan-taratasy, ny antoko na fikambanana nanolotra azy :***

***Ny Valosoa***

| N° | Daty | Anarana sy fanampiny | Antoko |
|---|---|---|---|
| 01 | 01/08/2018 | Andry Nirina RAJOELINA | Tanora malaGasy Vonona (TGV) |
| 02 | 03/08/2018 | RAVELONARIVO Jean | Antokom-BAhoaka (ABA) |
| 03 | 08/08/2018 | MAILHOL André Christian Dieu Donné | Gideona, Fandresena ny Fahantranaeto Madagasikara (GFFM) |
| 04 | 08/08/2018 | ERNAIVO Fanirisoa | ZAnak'i MAdagasikara (ZAMA) et PArti TRAvailliste Malagasy (PATRAM) |
| 05 | 10/08/2018 | JULES ETIENNE Rolland | MAdagasikara Fivoarana (MAFI) |
| 06 | 10/08/2018 | RASOLOFONDRAOSOLO Zafimahaleo dit DAMA Mahaleo | Manjary Vahoaka |
| 07 | 10/08/2018 | RABARY Andrianiaina Paul | MIASA |
| 08 | 14/08/2018 | RABEHARISOA SARAHA | Parti Liberal Démocrate (PLD) |
| 09 | 14/08/2018 | RANDRIAMORASATA Solo Norbert | Union Démocrates Chrétiens de MAdagascar (UDCMA-KMTP) |
| 10 | 14/08/2018 | RATSIETISON Jean-Jacques Jedidia | Fahefa-Mividy no Ifain'ny Malagasy (FMI-MA) |
| 11 | 15/08/2018 | BERIZIKY Jean Omer | ANTSIKA MADAGASIKARA |
| 12 | 15/08/2018 | Richard Razafy RAKOTOFIRINGA | Solidarité des Jeunes Intellectuels pour l'Avenir de Madagascar (SJIAM) |

### Fanabeazana politika

# Voambolana politika Frantsay- Malagasy

**Trente glorieuses :** vanim-potoana tsy nisian' ny krizy ekonomika tany amin'ny tany tandrefana. Niroborobo ny toe-karena amin'ny ankapobeny. Vanim-potoana niteraka fandrosoana haingana.

**Tribu :** vondron'olona monina eo amin'ny faritra voafetra ary manana fomba amam-panao mitovy sy tantara iraisana. Vondron'olona kely kokoa noho ny foko.

**Trotskisme :** firehan-kevitra mifanohitra tanteraka amin'ny firehankevitry sy fanaon' i Staline izay notarihin'i Trotsky. Izany firehan-kevitra izany dia nitaky ny fanatanterahina ny "revolosiona maharitra maneran-tany". Nanohitra ny fampiarana ny jadona tanteraka izay nataon'i Staline ary niaro ny demokrasia tao amin'ny antoko. Nitolona ho an' ny fandrodanana ny kapitalista sy ny adin-tsaranga tsy miato mandram-pitsanganan'ny sosialisma. Nisy sampana trotskista tany Eoropa tandrefana. Tao Frantsa dia maro ny mpikambana avara-pianarana no voasariky ny trotskisme ary taty aoriana dia lasa tany amin' ny antoko ankavia.

**Union Africaine :** Fikambanamben'i Afrika na Vondrona Afrikana.

**Union européenne :** organisation européenne qui regroupe la majorité des Etats du continent européen, l'UE est à l'origine le fruit de l'objectif défini dans le cadre des Communautés européennes en 1972 visant à l'établissement d'une forme d'union politique entre les Etats membres. Plusieurs étapes ont été franchies pour sa mise en place. Robert Schuman sy Jean Monnet no vy nahitana ny firehana momba an'i Europa.

**Vacance :** fialan-tsasatra ho an'ny mpiasa na tompon'andraikitra eo amin'ny raharaham-panjakana ohatra ny volana Desambra dia manao fialan-tsasatra ny tribonaly.

**Vahoaka :** ilazana vondron'olona maromaro, ny maro an'isa, ny mponina rehetra ao amin'ny firenena na ny maro an' isa.

**Valeur ( républicaines, culturelles) :** Soatoavina repoblikana.

**Valise diplomatique :** valizy diplomatika, valizy tsy azo savaina.

**Veto :** Zo ananan'ny tompony hanohitra ny lalàna voafidy. I Etazonia dia nanohitra ny fanangana ny fanjakana palestiniana tany amin'ny Fikambanambe Iraisampirenena na dia efa voafidin'ny mpikambana maro an'isa aza izany.

**Votants :** ny mpifidy nanantanteraka ny adidiny.

***Fetra Ramamonjy***

FARAFANGANA

# Mila vonjy maika fa tsy voahaja ny zon'olombelona

Ny faritra Atsimo Atsinanana dia faritra anisan'ny malaza amin'ny fananana zava-boahary, ka mitàna ny laharana fahafolo amin'ny faritra 22 eto Madagasikara, fa laharana farany kosa anefa raha amin'ny sehatra fandrosoana satria mahantra. Tsy ny fahantrana ihany anefa no tena mianjady amin'ny olona ao an- toerana fa na dia eo aza ny asan- dahalo misy indraindray dia tsapa ankehitriny fa manampatra fahefâna amin'ny tsy ara- drariny ny mpitandro filaminana: polisy. Iray volana teo ho eo izay no velon- taraina ny



*Ny tanànan'i Farafangana.*

mponina ao amin'ny faritra Manombo Farafangana fa misambotra olona amin'ny antony tsy dia mazava loatra ny lehiben'ny polisy ao Farafangana (Commissaire de police). Raha ny raharaha ivelan'ny Farafangana, tsy tokony ho ny zandary ve no miandraikitra izany? Ary ny fanaovana fanadihadiana tsy tokony mihoatra ny 48 ora ve nefa dia nisy ireo nohidiana nandritra ny 4 andro tao amin'ny violon. Mihorohoro daholo ny mponina amin'izao fotoana izao satria dia mbola aleon' izy ireo hono mifanehatra amin'ny dahalo toy izay samborin'ny kaomisera. Vao omaly no nitaraina ny mponina tany fa teo am-panaovana ny fivoriam-pokonolona ny prezidan'ny fokontany ao Maropanahy no notofirin'ny polisy fa tsy azony. Aiza ny fanajàna ny zon'olombelona? Miangavy ireo mponina any an-toerana ny mba hisian'ny fanadihadiana lalina any, mba hanamarina ny zava-misy any an- toerana, ka hanokatra fanadihadiana momba izany any.

***Ny Valosoa***

Tranga

# Zaza kambana maty teo am-piterahana ny reniny mila fanampiana

Zaza kambana maty teo am-piterahana ny reniny, mila fanampiana amin' izao fotoana. Maty teo am-piterahana ny renin' ireto zazakely kambana vao teraka ireto dia i Fihary sy Mihary izany, kambana mirahavavy kely monina any Behenjy izy ireo. Izy roa anefa dia tsy ampy lanja ka mila fikarakarana, ny rainy tsy manana fahafahana arabola hanaovana izany. Renim-pianakaviana iray, Nene Kwelly, tao amin'ny tambazotrantserasera facebook no nanaparitaka ny momba azy ireto ka maro no nanolo-tànana, nitondra fanampiana. Naterina tany Behenjy avy hatrany izany, fa ankoatr'izay dia fantatra fa horaisin'ny fikambanan'ny masera 100% ny fahasalaman' izy roakely sy ny sakafony. Na izany na tsy izany dia mbola miantso fanampiana ihany ny rain'ireto kambana vao teraka ireto.

***Ny Valosoa***



*Izy 3 mianaka mila fanampiana ho an'ny malala-tanana.*

PNUD sy ny CENI

# Nampanao fiofanana andiany faha-4 ho an'ny mpanao gazety

Tontosa tany Antsirabe ny herinandro teo, ny fanofanana andiany faha-4, ho an'ireo mpanao gazety ho fiatrehana ny fifidianana filohampirenena eto amintsika ny 7 novambra ho avy izao. Mpikarakara sy mpanohana izao fanofanana izao ny PNUD na ny Fandaharan'asan'ny Firenena Mikambana momba ny Fampandrosoana, mpanofana kosa ny avy amin'ny CENI : Vaomieram-pirenena misahana ny Fifidianana, sy ny holafitry ny mpanao gazety eto Madagasikara. Ireo mpanao gazety avy amin'ny faritra afovoany eto Madagasikara no niatrika izao fiofanana izao, fiofanana 3 amin'ny 7 mbola hatao ho fiatrehan'ny mpanao gazety eto Madagasikara ny fifidianana ho avy araka ny fanazavana nataon'i Fano Rakotondrazaka tompon'andraikitry ny serasera ao amin'ny CENI. Nitondra ny fanofanana sy ny fanazavana ny zavatra natao nandritra ny fiofanana ihany koa ny Filohan' ny Holafitry ny mpanao gazety eto Madagasikara, Gerard Rakotonirina, ny tsy hanaovanao-vam-poana, na hanorantsoratam-poana, n any hitenenanenam-poana no anisan'ny nampitaina tamin'ireo mpanao gazety nandritra ny fanofanana hoy izy.

***Isambilo***

Filoha Ravalomanana

# Nanatrika ny lasy nasionalin'ny Pastora FLM tany Antsirabe

Antsirabe indray no nandray ny lasy Nasionaly ho an'ireo Pastora sy Téolojianina manerana ny sahan'ny FLM, hatramin'ny ahalady ho avy izao. Pastora sy vehivavy teolojianina manodidina ny 2000 no tonga eto Antsirabe hanatanteraka ny Lasy pastoraly Nasionaly mandritra ny enina andro. Nanomboka izany ny talata 14 aogositra ary tsy hifarana raha tsy ny alahady 19 aogositra. Ny andalan-tsoratra masina tao amin'ny Asan'ny Apostoly toko faha-16:5 no lohahevitra voizina : "Ary nihanahery ny finoana ny fiangonana sady mihamaro isan'andro", no teny faneva nentina mandritra ity lasy Pastoraly Nasionaly andiany faharoa ity. Nosokafana tamin'ny fomba ofisialy izany ny marainan'ny talata 14 aogositra tao amin'ny fianagonana Loterana Malagasy Antampontanàna ka nanokatra izany ny Filohan'ny fiangonana loterana eto Madagasikara ny Dr David RAKOTONIRINA, ary tonga nanome voninahitra izao lanonam-panokafana izao ny solontenan'ny Lehiben'ny Faritra Vakinankaratra miadidy ny lafitany. Nandritra ny toriteny no nanamafisiny fa maro ny andraikitra iandraiketan'ny Pastora satria izy ireo no iraka voalohany hitory ny filazantsary masina. Ny Pastora hoy hatrany izy dia tokony hanetry tena ary tokony hitandrina fatratra ny sakramenta ny fanasan'ny Tompo izay mamelombelona ny fanahin'ny Pastora. Noraisina nandritra izao ihany koa ny andalan-tsoratra masina ao amin'ny JAONA: 21, 15-17b hoe: " andrasako ny ondriko, fahanako ny ondriko" teny nentina mamelombelona ny fanahin'ireto Pastora sy vehivavy teolojianina mandritra izao fotoana izao. Nandritra ny kabary nifandimbiasana no nanamafisandramatoa DAGT ny Faritra fa mandalo taontsarotra ny firenena sy Faritra ka angatahana ny hitondrana am-bavaka lalandava ny Firenena. Teto ihany koa no niarahabany ireo olona tonga manatrika izao lasy izao ary nirariny soa mba ho samy salama sy ny mba hahavita izany hatramin'ny farany. Raha ny fantatra dia ahitana synodam-parintany 25 manerana an'i Madagasikara, fileovana 328, fitandremana 1450 ary fiangonana loterana 8500 ka anisan'izany ny synodam-paritanin' Avaratr' Imania izay mandray ny lasy pastoraly nasionaly amin'izao fotoana izao. Mandritra izany dia maro ireo fandaharam-potoana ka anisan'izany ny atrikasa hatao isan'andro manomboka amin'ny 4ora sy sasany tolakandro. Nitsidika ireo mpilasy omaly ny Filohan'ny komitin'ny jobily fahaa-50 taonan'ny fiangonana FJKM, ny Filoha Marc Ravalomanana.

***Lezama***

Ady lovan'ny mpianakavy

# Niafara tamin'ny ain'ilay zafikeliny

***Teny avaradrano teny no nisehoan'ny tantara. Roa tonta ireto fianakaviana ireto ary samy zanak'ilay rangahy fa ny reniny kosa dia samihafa. Samy efa nametrahan' ny rainy izay sositsoritra fananana avokoa izy ireo, saingy taty aoriana dia niafara tamin'ny ady sy ny mosavy mihitsy rehefa raikitra ny fizarana lova satria tsy nanaiky ilay tena zanaky ny reniny ara-dalàna.***

Samy niterahany mantsy izy roa saingy ny iray ihany no nisoratra taminy. Vao maty iray volana monja anefa ilay rangahy dia notsikafonin'ity zanaka lahimatoan'ilay renikeliny ny lovan'ilay rainy. Nolazainy mantsy fa tsy mazava ny taratasy ary hosoka no betsaka ka tsy maintsy idirana lalina kokoa. Nanamboka teo dia raikitra ny ady sy ny saritaka ary niafara teny amin'ny tribonaly mihitsy ny raharaha. Tsy nandresy anefa ny zanak'ilay rangahy tena nisoratra taminy ka teo no nitranga ny olana. Vao fantatra hoe tsy naharesy izy dia nanomboka namosavy. Ny mpiray tampo aminy aloha no nasiany fa sitrana ihany, taorian'izay dia ny zafikeliny indray no namosaviany ary tsy navelany raha tsy maty. Tsy vitan'izany, fa mbola narary saika tsy sitrana koa ilay renin'izy telo mianadahy ary nanatona mpitsabo gasy vao sitrana. Nanomboka nikorosy fahana amin'izay ny fiainan'izy mianakavy satria izay tsy maty dia marary ka lany ny vola, namidy hatramin'izay mbola mitsangana ihany koa. Tamin'izay indrindra no nisy nahafantatra ny nomeraon'i Madame Noelah **03313 090 13** sy ny **03461 328 62** ary ny **03260 479 94** ka io mpitsabo eny amin'ny 67 Ha atsimo io no nantonina haingana.

**Saika ripaka raha tsy voakarakara izy mianakavy**

Vao nihaona tamin'ity mpitsabo ity ny zanany dia izao no nambaran'ilay mpitsabo taminy. Samy ianareo ihany no mifamosavy hoy izy, ary saika lany ripaka teo ianareo raha tsy voakarakara. Nampitondraina fanefitra nahodidina ny trano ireo zanany ary nisy zavatra nampandalovina tamin'ny tranon'ilay mpamosavy koa. Nanamboka teo dia tsy nisy intsony ny narary tao amin'izy mianakavy fa nifototra tany amin'izay mpialona indray ny ratsy satria izy indray no nanomboka nisy marary; nikorontana tsy nitsahatra ary rava mihitsy aza ny tokantranon'ny sasany. Tsy famaliana ratsy izany hoy ity mpitsabo ity fa ny ataony ihany no miverina aminy satria raha ratsy sy mosavy no ao an-dohany, dia tsy haharesy ny "pouvoir" manokana ananako izy satria ny ahy dia natao hitsaboana sy hikarakarana ny marary fa tsy natao hamono sy hanakorontana akory. Nanomboka teo dia nilamina izy mianakavy fa ilay tokantrano saika hanapotika sy handrava ny fiainany kosa dia lasa nikorosy fahana sy nitsipozipozy ankehitriny satria ratsy toetra sy mpamosavy ka nifoteran'ny nataony.

***Ny Akama***

Kolontsaina

# Hilalao sarimihetsika ihany koa i Poopy



*Poopy, mpanakanto sady mpilalao sarimihetsika manomboka izao.*

Fantatra izao fa hilalao sarimihetsika ihany koa ny mpanakanto Poopy fa tsy ho mpihira fotsiny intsony. Hilalao ao anatin'ilay sarimihetsika nampitondraina ny lohateny hoe «Trafic» i Poopy. Votoatin'izany sarimihetsika izany, renim-pianakaviana iray izay mitady ny zanany nisy naka an-keriny no anjara toerana holalaoviny ao anatin'izany. Anio 16 aogositra no hivoaka ity sarimihetsika ho lalaovin'i Poopy ity, izay maneho ihany koa ny halatra taova misy eto Madagasikara.

***Aly***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**11/08/18 hatramin'ny 18/08/18**

- **SOARY** (ladiambola Ampasapito) 020 22 410 58/032 11 248 05
- **PROVIDENCE** (Andohan'Analakely près ex cinema Rex) 020 22 547 49
- **RALISON** (Antanimena) 020 22 226 14
- **RASOLONJATOVO** (Anosy en face HJRA) 020 24 570 38/034 64 838 61
- **ANDOHATAPENAKA** (Route FDC en face Microcred) 020 22 670 70/034 02 670 70/032 12 670 70

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama: Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :** Rahelisoa A. 034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:** Isambilo: 033 24 783 65 Rajo: 033 80 022 53 Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :** Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:** Aris: 034 17 460 53 Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:** Lita: 033 41 557 69

**Fanapariahana:** Kalasoa: 033 16 153 91 Solofo : 034 89 907 74

**Mailaka:** gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 802-08-18
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**FORT- DAUPHIN**

# Manomboka tsy faly amin ny QMM ny vahoaka



Novakian'i Fort Dauphin bantsilana fa zava-doza ho an'ny mponina ny fanohizana ny fitrandrahana fasimainty. Tsikaritra izany amin'ny fiainan'ny mponina andavanandro, ireo zaza teraka saika kilemaina avokoa ary matetika tsy tonga volana. Ao amin'n'ny kaomina Mandromoromotra sy Ampasy Nahampoana ary ampahany amin'ny mponina ao Fort Dauphin renivohitra no voakasik' izany. Nandritra ny toromarika nataon'i Ntsay Christian Praiministra, lehiben'ny governemanta tamin'ny vahoaka no namakian'ireo Ray aman-dreny mahakasika ny zava-doza vokatry ny fitrandrahana fasimainty. Amin'izao fotoana tsy mionona intsony amin'ny fasimainty ny QMM fa efa manana eritreritra hitrandraka monazite koa. Fitandrahana monazita tsy dia mazava amin'ny mponina loatra ny fanadihadiana ara-tontolo iainana.Tsy manaiky ny hitrandrahana monazita fa mila averina ny fanadihadiana ara-tontolo iainana ary teo imason'ny Praiministra no nilazana izany. Nampanantena ny Praiministra fa hojerena akaiky ity loza mitatao ao an-drenivohitra Anôsy ity.

***Mangarahara***

Tsimanampesotse - Nosy Ve Androka

# Toeram-panofanana fiarovana momba ny tontolo iainana

Natao ho toeram-panofanana momba ny fiarovana ny tontolo iainana ho amin'ny fampandrosoana maharitry ny olombelona ny valanjavaboaharin'i Tsimanampetsotsa- Nosy Ve Androka. Izany valan-javaboahary izany dia mampifandray ny ala be tsilo, ny ranomasina ary ny olombelona. Nanomboka ny 28 jolay 2018 teo, dia nataon'ny UNESCO tahiry momba ny antsoina hoe biosphere faha-5 eto Madagasikara ireo valan-javaboahary ireo, to any valan-javaboahary any Mananara Avaratra, Sahamalaza, Nosy Radama, ny morontsirak'i Toliara, ny Kirindy Mite- Belo sur Mer. Ny tahirin-javaboahary toy itony ny fitantanana azy dia mifototra hatrany amin'ny fifanakalozan-kevitra, ny fifampizarana traikefa, ny fampihenana ny fahantrana ho amin'ny fanatsarana ny fari-piainan'ny olona ary ny fiarovana ny kolontsaina eo amin'ny toerana misy azy. Ity valan-javaboahary Tsimanampetsotsa Nosy Ve Androka ity dia ahitana harena maro momba ny tontolo iainana toy ny vatohara, nosy kely madinidinika, tora-pasika, ala honko, ala. Izy koa no ahitana ala mbola tena be tsilo eto Madagasikara, mbola ahitana zohy maro voajanahary. Fonenan'ny karazantrondro maro, sokatra an-dranomasina maro, trozona, dauphins,... Ahitana karazam-borona maro koa, hita any koa ny Vontsira, izany dia any amin'ny faritra Atsimo Andrefan'i Madagasikara iny no ahitana azy.

***Aly***

Fampianarana teknika sy fanofanana arak'asa

# Hanatanteraka fanadinam-panjakana voalohany anio sy rahampitso


Tanterahana manerana ny Nosy anio sy rahampitso zoma ny fanadinam-panjakana voalohany ho an'ny ministeran'ny fampianarana teknika sy ny fanofanana arak'asa, fanadinana hidirana taona voalohany eo amin'ny sehatry ny fampianarana teknika sy ny fanofanana arak'asa. Mpiadina miisa 42 415 manerana ny Nosy no handray anjara amin'izany fanadinana izany, mitsinjara amin'ny foibem-panadinana miisa 157. Momba izay fanadinam-panjakana izay, nisy ny hafatra ho an'ny ray aman-dreny sy ny mpianatra nataon'ny ministry ny fampianarana teknika sy fanofanana arak'asa Ramatoa Rahantasoa Lydia, nambarany fa efa voatsinjara soa amantsara any amin'ireo foibem-panadinana manerana ny Nosy ny laza adina hanadinana amin' izany anio sy rahampitso; ny fiantsoana ireo mpiadina koa dia efa voatsinjara talohan'ny fotoana. Mirary soa sy fahombiazana ary mivavaka ho an'ireo mpanala izao fanadinam-panjakana voalohany ho an'ny fampianarana teknika sy fanofanana arak'asa izao koa Ramatoa ministra.

***Aly***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 247




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0246)

***Mitsivalana***
- Manirery
- Fa (Miv) – Len(a)
- Tanalah(y)
- Ondry – (S)ar(y)
- In – Miten(y)
- Isa – Aho
- Mitana (Miv)

***Mitsangana***
- Matoky
- Inona (Miv)
- Nandà
- Rafy (Miv) – Ma
- Lisy
- Ela – (H)ita
- Rehareh(a)
- Ny (Miv) – Rano

## TENY MIFANARAKA N° 247




**Mitsivalana**

**1.** Zato im-polo – Foto-tsakafo **2.** Mpanoritra anarana – Mikoriana ao anaty (Miv) – Eo amin'ny fery (BR) **3.** Namana sy tapaka – Ilaina (Miv) **4.** Homana (BL) – Mampiray **5.** Rainareo **6.** Faritra fambolena (Miv) **7.** Fiakaram-bokatra **8.** Maneho fotoana – Tsirin-teny Iharana – Anelanelan'ny foko **9.** Solfa – Biby fiompy **10.** Ao an-damosina – Mpanondro toerana (Miv)

**Mitsangana**

**A.** Toetra ratsy (Miv) – Didim-poitra **B.** Hetsi-drano – Verezo **D.** Mpanjaka **E.** Loza – Tsirin-teny Mpanao **F.** Ranomasimbe – Taranaka **G.** Naoty – Nanesotra (Miv) **H.** Nariana (Miv) **I.** Vizana – Olo-masina **J.** Alaivo – Fampitahana **K.** Mpanolotra – Karazam-boankazo

### Valiny Teny mifanaraka 0246

***Mitsivalana***

1 Sampanana 2. Ova – Naname 3. Lanitra – PM 4. Ony – Ianao 5. Naratra – Vo(lana) 6. Mpanoritra – Voa (Miv) 7. Roa – Voay 8. Misy (Miv) – Ha – Na 9. Niala (Miv) 10. Diovinay (Miv)

***Mitsangana***

A. Solonify B. Avana – Soa D. Manirery E. Omby F. Antitra G. Narary – Hao H. Anana – Valy I. No – Ao – Ad(y) J. Ampovoany K. EM – Oviana ?

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

**Ny fitokanana ny sarivongana lehibe an'i Masina Maria teny Andohalo omaly.**















